
# ALAHADY BATEMIN'NY TOMPO 2025




## « Tamin'ilay natao batemy iny ny vahoaka rehetra dia natao batemy koa iJesoa» (Lk. 3: 21)

Ry Kristianina havana, izao Alahady fankalazana ny batemin'ny Tompo izao no amaranantsika ny fankalazana ny Noely ka hidirantsika amin'ny mandavantaona. Nohalalinintsika nandritra ny Noely fa Andriamanitra tsy lavitra ny Andriamanitsika fa eo anivontsika, eo anivon'ny fianakaviany, isika Olo Araiky Jiaby. Andriamanitra miara-dia, miara-dalana amintsika tokoa manorina lanitra vaovao sy tany vaovao mba hiova ny fiainantsika ho fiainan'ny Zanak'Andriamanitra.

Vakiteny I : Iz 40, 1-11
Tononkira : Salamo 108
Vakiteny II : Tito 2, 11-14; 3, 4-7
Evanjely : Lk. 3, 1 5-1 6. 21-22

Araka ny voalazantsika dia Noely miavaka ity noely satria mampiditra antsika amin'ny Taon-jobilin'ny famonjena. Taom-pahasoavana lehibe hivelomana ny batemy. Ary ny mahavariana dia amin'ity 2025 ity ihany koa no feno 1700 taona ny Fiekem-pinoana na rafitra tany Nicée izay nofenoina tany Constatinople tamin'ny 381. Fahasoavana miampy fahasoavana izany. Io rahateo no ataontsika sy tanjona tratrarintsika amin'izao Sinaody izao. Ho Eglizy Miara-dia, miara-dalana amin'ny mamakivaky ny fiainana. Natombotsika any amin'ny fianakaviana, "eglizy kely" izany eglizy miara-dia izany ka "eglizy kely" miara- dia amin'ny zava-boary satria fianakaviana mikolokolo sy miaro ny tontolo ianana. Eglizy kely miara-dia miara-mivavaka sy mandalim-pinoana, miombona, mandray antanana amin'ny alalan'ny fifanajana sy fahafoizana ary fanompoana ka mivelona ny fihavanana sady kristianina no Malagasy ka MIFANASOA SY MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA SATRIA MPIRAY TAMPO. Fianakaviana "eglizy kely" miombona ka mankalaza an'Andriamanitra. Izany no irintsika amin'izao Sinaody izao ka hanaovantsika "nouveau départ". Izao fankalazana ny Batemin'ny Tompo izao no manampy antsika

hiroso bebe kokoa amin'izao Sinaody izao ka hahatonga antsika tokoa ho Mpivahinin'ny Fanantenana na dia maro ny zavatra manahirana sy ny sedra. Mpivahinin'ny Fanantenana mamafy hafaliana sy fiadanana ary fihavanana sady kristianina no malagasy...
Nandray ny toetrantsika olombelona ankoatry ny fahotana Izy ary nahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Izy izay tsy nanota satria Andriamanitra nahary izao rehetra izao dia nanaiky ho fahotana mba hibaby ny fahotantsika hanafaka antsika amin'izay mamatopatotra rehetra. Izany no mibaribary amin'izao Alahady ankalazantsika ny batemin'ny Tompo izao satria ny batemy dia fantatsika fa ilay fandalovana avy amin'ny fahotana ka mampiditra antsika amin'ny tena fiainana. Azo lazaina izany fa "batemy" fandalovana ihany koa izao taon-jobily, torak'izany koa ny Sinaody atrehintsika izao satria maniry isika Mpivahinin'nyFanantenana nandalo tamin'ny Varavarana Masina hiditra amin'ny fiainam-baovao ka zary ho mpamafy hafaliana sy fiadanana ary fihavanana… Torak'izany koa eo am-panaovana an'izao Sinaody faha 7 fijanonana faha 3 izay irintsika hahatonga antsika ho "fianakaviana eglizy kely mifampitsimbina, mifanasoa…" dia mahatonga antsika ho EOV mivelona ny batemy eo anivon'ny mpiara-belona.

I Jesoa amin'ny mahaAndriamanitra Azy dia tsy manana fahotana nefa noho Izy nanaiky ho olombelona ary tsy mba sarisarin'olombelona dia nanaiky nataon'i Joany Batista batemy. Joany ilay mpanao batemy fa ny azy batemy fibebahana talohan'ny nanaovany batemy an'i Jesoa. Ny batemin'I Jesoa dia batemy mitondra amin'ny fahateraham-baovao. Tsara ihany koa anefa ny manipika fa tsy batemy fibebahana no nataon'I Joany tamin'I Jesoa fa famantarana ny maha-olombelona an'I Jesoa. Tsy mila fibebahana I Jesoa fa nitsoboka tao anaty rano Izy mba hitondra antsika amin'izay tena batemy ary izany rahateo no ambaran'i Joany mikasika an'i Jesoa ao amin'ny Evanjely :*"Izaho no manao batemy anareo amin'ny rano fa ho avy ilay mahery noho izaho ary tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany akory aho, izy no hanao batemy anareo amin'ny alalan'ny Fanahy masina sy ny afo".* Ny batemin'I Jesoa dia manambara an'ilay Paka fandalovana, tsy fibebahana na fiverenana amin'ny Tompo fotsiny fa Paka fandalovana miala amin'ny fiainana tsy mety ao anatin'ny fahotana ambaran'ny fanandevozana (Ejipta) ka miseho mibaribary amin'ny fahafatesana izay mitondra amin'ny fiainam-baovao ka diovin'ilay rano izay manadio sy manome aina ary havaozin'ilay afom-panavao. Manavao antsika ny batemy ka izany no ambaran'ny batemin'I Jesoa, izany no mahatonga antsika mankalaza ny Batemin'i Jesoa satria mbola ao anatin'ny fankalazana ny Noely isika. Ary ny batemy no mamarana ny Noely ka mampiditra antsika amin'ny Mandavantaona izany hoe ny fiainana andavanandro. Tena mifanojo amin'ny sinaody izany resahintsika sy halalinintsika izany satria ny lohahevitr'izao Sinaody faha 7 izao dia EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY IRAKA TABERNAKLA VELONA. Raha atao amin'ny teny hafa ny tanjony dia ny hivelomantsika ny Batemy. Inona moa ny dikan'izany?

Andriamanitra eto anivontsika, Emanoela, I Jesoa, mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Izany no mahatonga antsika milaza fa ny fankalazana ny Batemin'ny Tompo dia mampiditra antsika amin'ny vanim-potoana mandavantaona mba hivelomantsika ny maha-zanak'Andriamanitra antsika ary izany no tanjon'ny Sinaody. Tsy inona fa hivelomantsika ny batemintsika eo amin'ny fiainana andavanandro. Izany hoe ilay finoana inoantsika ka mahatonga antsika milaza fa katolika aho. Halaliniko izay inoako. Izay ny misterin'ny fanavotana mitondra antsika amin'ny Paka, misterin'ny famonjena antsika, izay I Jesoa Kristy manolotra ny ainy ka mahatonga antsika mandalo amin'ny fiainana ao anatin'ny fahotana ka mampiditra antsika amin'ny fiainam-baovao. Mahatonga antsika sahady koa entanin'ny Fanahy Masina ka tonga zanak'Andriamanitra, io no lazain'ny Evanjely" *Ary*

*nidina teo amboniny ny Fanahy Masina naka endri-batana toy ny voromailala, dia nisy feo re avy any an-danitra nana ohoe: "Ianao no Zanako malalako, Ianao no ankasitrahiko indrindra"* .Isika rehefa vita batemy ka miditra amin'ny fiainam-baovao dia izany no iainantsika sy mahatonga antsika milaza fa katolika aho, iainako izay inoako. Izany no idirantsika amin'izao vanim-potoana mandavantaona izao, hivelomantsika ireo fehin-kevitra vokatry ny filankevitra pastoraly, ny dinika ny sinaody faha 7 fijanona 1 sy faharoa ka hirosoantsika hivelona bebe kokoa ny maha-katolika antsika.

Katolika aho ka raisiko an-tànana izay inoako, tsy "consommateur" intsony isika, tsy mpanjifa izany fa "acteur" feno, tena tompony isika, izany no dikan'ny batemin'I Jesoa, maniraka azy hitory ny Vaovao mahafaly. Torak'izany koa isika mandray an-tànana izay inoantsika. Azo tavandraigny. Olon- dehibe amin'ny finoana. Tsy mpitan-damba fa mpiantsehatra. Rehefa mandray an-tànana isika dia mankalaza izay inoantsika. Tsy hoe fahatsiarovana fotsiny ny ankalazaintsika amin'ny litorjia fa noho izy asan'Andriamanitra, noho ny Fanahy masina ary ny batemy noraisintsika mahatonga antsika miombona amin'I Jesoa dia mankalaza an'I Jesoa amin'ny fiainantsika manontolo isika. Izany no litorjia ankalazantsika. Manao ny asan'Andriamanitra isika ka Izy miaraka amintsika manao ny asantsika. Tsy tenintsika samirery ny fankalazana ataontsika, noho izany, ny fandraisantsika antanana ny finoantsika dia tsy mikombona ho antsika samirery fa maniraka antsika hizara amin'ny hafany finoantsika. Izany no dikan'izao fankalazana ny Batemin'ny Tompo izao. Eo anivontsika Andriamanitra mampiditra antsika amin'ny fiainana ka tahaka Azy maniraka an'I Jesoa dia maniraka antsika koa Izy. Isika izao no Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Isika no TABERNAKLA VELONA.

Ampahatsiahivana izany rehetra amin'izao fankalazana ny Batemin'ny Tompo sy amin'izao taon-jobilin'ny fanavotana izao maniraka ihany ka hivelona ny Batemintsika ka hanana mandrakariva ny FANANTENANA eo anivon'ny rivo-mahery mety handrendrika…

Ampahatsiahivin'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa fa I Kristy no namonjy antsika tamin'ny fanasana nahaterahantsika. Koa nodiovin'Andriamanitra isika mba hiombona anjara amin'I Kristy. Tanteraka ilay faminanian'Izaia amin'ny vakiteny voalohany :*"Indro ny Tompo Andriamanitrao fa tonga amin'ny heriny Izy".* Izany no mahatonga antsika afaka manambara amin'ny manodidina antsika ny Vaovao mahafalin'I Jesoa, tsy hoe fanjakazakana na famoretana na fampandrian-tany na fanerena fa fijoroana ho vavolombelona ary fizarana ny hafalian'ny Evanjely. Izany no mahatonga antsika milaza hoe : TABERNAKLA VELONA.

Isika no Kristy mpiara-belona amin'olona amin'izao andro iainantsika izao, ny fiainantsika no manambara ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny manodidina antsika. Izany no maha-Kristianina antsika. Ho feno fiadanana isika raha manambara ny famindram-pon'Andriamanitra amin'ireo mpiara-belona amintsika. Hoy Izaia mpaminany *"Miakara eny an-tendrombohitra avo ianao, izay mitondra ny teny soa ho an'i Siona. Manandrata feo mafy ianao, izay mitondra ny teny soa ho an'i Jerosalema ; manandrata feo, fa aza matahotra".* Izany hoe aoka tsy hatahotra isika, aza mavozo, aoka ho sahy. Aza ampidirana ao am-paosy ny finoantsika, aoka isika ho faly amin'ny finoantsika, tsy entintsika hireharehana, tsy ho poerapoera isika sanatria fa fantatsika fa ilay finoana mitondra famonjena, fanantenana, ka mila izany famonjena izany ny manodidina antsika, mila fanantenana fa indrindra amin'izao andro sarotra feno sahirana ka maro ny kivy very fanahy mbola velona. Aza mavozo, ambarao amin'ny fiainanao ny finoana na dia eo aza ny fanenjehana, ny fahoriana ambarao fa olona

voavonjy ianao ao amin'I Kristy. Ny batemy ankalazaintsika dia manambara fa eo anivontsika I Kristy ka velomy izany finoana izany, aoka haninteraka amin'ny fiainantsika ny finoantsika. Aoka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika.

Ry Jesoa Tompo o, tonga eto anivonay tokoa ianao, ka amin'izao andro fankalazana ny nanaovana batemy Anao izao no mitodika aminao izahay : Aoka izahay nandray ny batemy ka tonga iray aina aminao, nandray ny famonjena, enga anie izahay ho mpitory famonjena eo amin'ny mpiara –belona aminay miatrika izao sedra mafy aterak'ity fahavalo tsy hita maso ity. Mila fanavaozana ny fiainanay, enga anie tsy ho batemim-pibebahana fotsiny no noraisinay fa ilay batemy nahatonga anay ho zanak'Andriamanitra, ampio izahay rehetra hiaina sy hanambara ny hasin'ny finoanay izany. Miatrika izao sinaody izao indrindra satria maniry  hanao "depart vaovao", fiaingana vaovao. Fotoana hifampitraofagna sy hifampihainoana. Enga anie ny Fanahinao hanilo hahitanay ny marina hivelomanay azy eo amin'ny fiainana andavanandro.

Ry Kristy zokinay o, Ianao manala ny fahotan'izao tontolo izao, nietry tena ianao ka nanaiky niara-nilahatra amin'ny mpanota na dia tsy mpanota aza, raha mandray ny bateminao. Nanaiky ho fahotana ianao mba hanafaka anay amin'ny fahotana Izahay koa noho ny batemy noraisinay dia tonga zanak'Andriamanitra, ampio izahay hahay hihaino ny teninao mandrakariva ka mba ho zanaky ny Ray marina tokoa ka ho generation mpanorina tokoa izahay, ho Eglizy Olona Velona, mpanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra, handalina ny finoanay izahay, Maina ny finoanay izahay, handray an- tànana ny finoanay izahay, hankalaza ny finoanay izahay ka iraho hizara izany finoana izany eo amin'ny mpiara-belona aminay. Enga anie hifampitsimpina, hifanasoa, ho mpmpihavana izahay ka zary ho Mpivahin’ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana. Masina Maria Renin'I Jesoa miara-dalana aminay mba hahatonga anay ho Olon-dehibe amin'ny finoana ka zary TABERNAKLA VELONA tahaka anao. Md Josefa mivavahà ho anay mba hanana  risi-po sy fahafoizana ka vonona hanompo mandrakariva hanorina ny FIANAKAVIAM-BEN'ANDRIAMANITRA, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY ISIKA JIABY Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson